Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
753119 Paris Cedex 09
Tél. 01 45 96 03 05

SAP / KNPL

NY ADY AMIN'NY FANAFAHANA IZAO TONTOLO IZAO

Ny ady amin'ny fanahafana an'izao tontolo izao

Iarahana ho eo amin'izao tontolo izao isika nefa asaina tsy hanaraka an'izao tontolo izao.

Izao tontolo izao dia :

- Tsara no namoronan'Andriamanitra (Genesisy 1) azy ary mijanona ho tsara (Jaona 17/24) fa ny mpanjakan'izao tontolo izao no ratsy (Jaona 12/31).
- Toerana anompoana an'Andriamanitra no sady toerana iadiana amin'ny ratsy (1 Jaona 2/13.14)
- Toerana isehoan'Andriamanitra ary toerana iasan'Andriamanitra (Jean Calvin)

Tsy miady irery ny mpianatra fa Andriamanitra miaro sy manamasina ny mpianatra.

- Jesosy mivavaka amin'ny Ray Masina iaro ny mpianatra (Jaona 17/11) sy anamasina (Jaona 17/17) ny mpianatra izay irahany ho eo amin'izao tontolo izao.
- Ny vavaka fangatahan'i Jesosy ho an'ny mpianatra hiraovan'ny Ray Masina sy hanamsina ny mpianatra dia manome antoka ny mpianatra fa tsy irery ny mpianatra amin'ny fiainany eo amin'izao tontolo izao.

Ny manahaka an'izao tontolo izao dia ny fitsipahana an'Andriamanitra tsy hanompo azy.

- Ny fitadiavana mpitondra hitsara ny vahoaka toy ny firenana rehetra (1 Samoela 8/5) sy fiankinana amin'ny mpitondra fanjakana toy ny firenana rehetra (1 Samoela 8/20) itarika ny vahoaka amin'ny ady ary koa sy fiankinana amin'ny ny mpitantana ny fandriampahalemana sy ny manompo Andriamanitra hafa.
- Andriamanitra Mpanjaka manaiky ny isian'ny olona mpanjaka, mpitondra fanjakana hiaro ny vahoaka saingy ny mpitondra tenin'Andriamanitra dia mampianatra fa Andriamanitra irery no tompoina (1 Samoela 12/20-25). Averin'ny apotsoly izany hafatra izany : Aoka Andriamanitra no tokony hekena mihoatra noho ny olona (Asan'ny Apostoly 5/29).

Ny fiadiana entina miady amin'ny fanahafana an'izao tontolo izao :

- Ny maraka an'i Jesosy avy aorina (Perikopa 25 janoray 2915 : Marka 1/14-20)
- Ny manaiky tanteraka ho mpianatr'i Jesosy manaraka azy amni'ny fiainana rehetrea (John Stott) :
    - Mandray andrakitra : Miaina sy manompo ary mijoro vavolombelona eo amin'izao tontolo izao
    - Tsy manaraka ny ataon'izao tontolo izao : mitolona tsy hiray lasitra amin'izao tontolo izao.

Ny fiadiana entina miady dia ny finoana (1 Jaona 5/4) izay mampiditra ny kristina amin'ny fahamasinana.

- Izay rehetra tsy avy amin'ny finoana dia ota (Romana 14/23). Ny tsara tsy atao amin'ny finona dia tsy tsara ary ny ratsy atao amin'ny finona dia tsy ratsy (Martin Luther). Ny mifanohitra amin'ny finoana dia tsy ny tsara na ny ratsy fa ny tsy finoana an'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy (Soren Kierkegaard , Emile Bruner)

- Ny fiadiana amin'ny fanahafana an'izao tontolo izao dia ny mandeha ao amin'ny fahamasinana
  Ny finoan'ny Kristy (Galatiana 2/16 sy Galatinaa 3/22 ; Romana 3/22 sy Romana 3/26) napetraky ny Fanahy Masina (1 Koritiana 12/9) ao anatin'ny olona vokatry ny fahasoavana (Filipiana 1/29) ary fahatokisan'Andriamanitra (1 Tesaloniana 5/24 ; 1 Koriritiana 1/9 ; 1

Koritiana 10/13 ; 2 Tesaloniana 3/3) no manamarina ny olona ; ary ny noamarinina dia miditra amin'ny fahamasinana.

- Natokana avy amin'ny fanapahan-kevitr'Andriamanitra (Romana 1/7) lasa tempolin'Andriamanitra (1 Koritiana 3/17), ny kristiana dia tsy mendrika noho ny hafa (1 Koritiana 6/1-11) ary noho izany dia antsoina, isan'andro isan'andro, iaina amin'ny fanamasinana (*hagiasmo*s, *sanctification*).

- Ny kristiana dia antsoina ahita ao amin'ny fiainany isan'andro ny fanamasinana raisina ao amin'ny Kristy sy iaina mafonja izany isan'andro (1 Koritiana 1/2).

- Ny fanamasinana dia fiaingana (1 Koritiana 6/11), takiana isan'andro (Romana 6/19.22 ; Romana 12/1) amin'ny fiainan'ny kristiana (1 Tesaloniana 3/13) saingy Andriamanitra no miasa (1 Tesaloniana 5/23 ; 1 Koritiana 1/30). *La sanctification est à la fois le point de départ, l'exigence quotidienne de la vie chrétienne mais c'est toujours Dieu qui est à l'œuvre*.